


# NY FAMAKIANA ADY MOMBA NY FIFIDIANANA ANIVON'NY KAOMININA



Rahelimanantsoa Rondro Lucette  
*Mpitsara*

**FRIEDRICH  
EBERT**   
**STIFTUNG**

Les idées et positions exprimées dans cette publication ne reflètent pas nécessairement les opinions de la Friedrich Ebert Stiftung.

# Fizahan-takelaka

<b>Ny famakiana ady momba ny fifidianana anivon'ny kaominina .....</b>	<b>2</b>
Ny famakiana ady momba ny fifidianana anivon'ny kaominina.....	3
I. Ireo lalàna mifehy ny fifidianana anivon'ny kaomina .....	3
II. Ireo fitsarana mahefa .....	3
III. Ireo karazana famakiana ady azo angatahina.....	4
IV. Ireo karazana fanasaziana mety hihatra .....	4
V. Ireo olona afaka mitory eny amin'ny Filan-kevi-panjakana .....	5
VI. Ireo fe-potoana tsara ho fantatra .....	5
VII. Santionana fitarainana .....	6
VIII. Ireo fepetra mampitombina ny fitarainana.....	7
<b>Contentieux dans les élections communales.....</b>	<b>8</b>
I. Cadre juridique régissant les élections communales .....	9
II. Juridictions compétentes .....	9
III. Types de requêtes .....	10
IV. Types de sanctions.....	10
V. Personnes habilités à saisir le Tribunal Administratif .....	11
VI. Délais à retenir.....	11
VII. Modèle de requête.....	12

# NY FAMAKIANA ADY MOMBA NY FIFIDIANANA ANIVON'NY KAOMININA

**Nanoratra** : Rahelimanantsoa Rondo Lucette, Mpitsara  
**Nanatontosa** : Friedrich-Ebert-Stiftung  
**Nandrindra** : Hantanirina Andrianasy, Aina Herimamy  
Antananarivo, Jolay 2015

---

# NY FAMAKIANA ADY MOMBA NY FIFIDIANANA ANIVON'NY KAOMININA

---

## I. Ireo lalàna mifehy ny fifidianana anivon'ny kaominina

- ◀ Lalàna fehizoro laharana faha 2012-005 tamin'ny 22 marsa 2012 mikasika ny Fifidianana;
- ◀ Lalàna laharana faha 2014-020 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana;
- ◀ Lalàna laharana faha 2001-025, novain'ny lalàna laharana faha 2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004 mikasika ny fitsarana ady amin'ny fanjakana sy ny fitsarana ara-bola

## II. Ireo fitsarana mahefa

- Ny Fitsarana ady amin'ny fanjakana (Tribunal administratif) no hany mahefa momba ny fifanolanana eo amin'ny sehatry ny fifidianana anivon'ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana (tsy azo hakana fitsarana ambony) ;
- Ny Filan-kevi-Panjakana anivon'ny Fitsarana Tampony (Conseil d'Etat) no mandrava ny didy manala an-daharana ny mpifaninana ho fidiana iray

### III. Ireo karazana famakiana ady azo angatahina

- ◀ Fitarainana mikasika ny tsi-fanarahan-dalàna mandritra ny fampielezan-kevitra ;
- ◀ Fitarainana momba ny fizotry ny raharaham-pifidianana mandritra ny androm-pifidianana;
- ◀ Fanoherana ny voka-pifidianana (amin'ny ampahany na manontolo), ataon'ny mpifaninana na ny solotenany;
- ◀ Fangatahana fanafoanana ny vato, ataon'ny mpifaninana na ny solotenany;
- ◀ Fangatahana fanalana an-daharana ny mpifaninana hofidiana.

### IV. Ireo karazana sazy mety hihatra

- Fanafoanana ny vaton'ny mpifaninana iray;
- Fanafoanana ny voka-pifidianana raha toa ka nisy tsi-fahamarinan'ny latsabato;
- Fanafoanana ny voka-pifidianana (amin'ny ampahany na manontolo);
- Fanalana an-daharana mpifaninana.

## V. Ireo olona afaka mitory eny amin'ny Filan-kevi-panjakana

- ▶ Mpifidy voasoratra anarana ara-dalàna ao amin'ny lisi-pifidianana ka nandray anjara tamin'ny latsa-bato;
- ▶ Mpilatsaka hofidina na ny solotenany (ao amin'ny fari-piadidiana nilatsahany ihany);
- ▶ Ireo mpanara-maso ny fifidianana izay nahazo alalana.

## VI. Ireo fe-potoana tsara ho fantatra

- Fe-potoana ekena hametrahana ny famakiana ady : 10 andro aorian'ny androm-pifidianana farafahatarany;
- Fe-potoana hametrahana ny fangatahana fandravana didy (fampiakarana) : 3 andro aorian'ny fampahafantarana ny didy amin'ilay mpifaninana nalana an-daharana. Ny didin'ny Filan-kevi-panjakana dia mivoaka 7 andro aorian'ny fametrahana ny fangatahana;
- Fe-potoana hamoahana ny didy mikasika ny famakiana ady rehetra eo amin'ny sehatry ny fifidianana : 3 volana aorian'ny fanambarana ampahibemaso ny voka-pifidianana ofisialy.

## VII. Santionana fitarainana

Anarana sy fanampiny  
Fonenana

Daty

Ho an'ny

Fitsarana misahana ny ady  
amin'ny fanjakana (toerana :

Renivohi-paritany 6 taloha no  
misy azy)

Antony : Fangatahana fanafoanana voka-pifidianana

Tompoko,

Voninahitra ho ahy mpifidy tao ... (fari-pifidianana sy ny birao-pifidianana) no manao izao fangatahana fanafoanana voka-pifidianana izao eto anatrehan'ny fitsarana, noho ny fampiasana fitaovam-panjakana nataon-dRa... (velabelarina ny antony ary ampiarahana amin'ny fitoriana ny porofo toy ny fampiasana fiaram-panjakana, ohatra...) nandritry ny fampielezan-kevitra.

Izany fandikan-dalàna izany moa dia natao teo anatrehan'ny vahoaka mpifidy rehetra tao an-toerana, ka indro ampiarahana amin'ity fitarainana ity ny fijoroana vavolombelona nataon'ireo nanatri-maso.

Raiso tompoko ny haja atolotro anareo.

Sonia



## VIII. Ireo fepetra mampitombina ny fitarainana

- **Fitarainana mikasika ny tsi-fanarahan-dalàna nandritra ny fampielezan-kevitra** (ireo tsi-fanarahan-dalana ireo dia voalaza manomboka ny andininy faha 39 ka hatramin'ny andininy faha 49 n'ny Hitsivolana laharana faha 2012-005 tamin'ny 22 marsa 2012);
- **Fanoherana ny voka-pifidianana amin'ny ampahany na manontolo**<sup>1</sup> araka ny andininy faha 133 ny lalàna mikasika ny fifidianana (ny Hitsivolana laharana faha 2012-005 tamin'ny 22 marsa 2012);
- **Fitarainana mikasika ny fizotry ny fifidianana ny androm-pifidianana** (ireo tsi-fahatomombanana ahafahana manasazy ireo dia voatanisa manomboka amin'ny andininy faha 84 ka mifarana ny andininy faha 95 n'ny Hitsivolana);
- **Fangatahana fanalana an-daharana mpifaninana hofidiana iray** araka ny andininy faha 134n'ny lalana mikasika ny fifidianana. Antony ahafahana manala an-daharana mpifaninana iray ny fampiasany ny fahefam-panjakana eo ampelantanany. Marihina fa izy tenany no milatsaka ary izy ihany koa no nampiasa ilay fahefana hampandaniana azy vao mitombina ny fangatahana, fa raha olon-kafa kosa no mampiasa ilay fahefana hampandaniana azy dia fanafoanana vokatra no azo angatahana.

**Isan'ny fangatahana - 2** : atao dika mitovy ary samy soniavina

### Ampiarahana amin'ny taratasy fangatahana

- Ny taratasy fijoroana vavolombelona soniavina olona 3 nanatri-maso;
- Dikana karapifidianana voamarina (copie légalisée);
- Anaran'ilay mpifaninana nanao ny fandikan-dalàna.

<sup>1</sup> Azo atao ny manao fangatahana ny fanafoanana manontolo ny voka-pifidianan'ny mpifaninana iray tao amina biraom-pifidianana vitsivitsy na maromaro raha toa ka misy porofo mitombina mikasika ny fampiasana fitaovam-panjakana, na noho ny fampiasana fahefam-panjakana nandritry ny fampielezan-kevitra.

# CONTENTIEUX DANS LES ELECTIONS COMMUNALES

**Auteur** : Rahelimanantsoa Rondo Lucette, Magistrat  
**Réalisation** : Friedrich-Ebert-Stiftung  
**Coordination** : Hantanirina Andrianasy, Aina Herimamy  
Antananarivo, Juillet 2015

---

# CONTENTIEUX DANS LES ELECTIONS COMMUNALES

---

## I. Cadre juridique régissant les élections communales

- ◀ Loi organique n° 2012-005 du 22 mars 2012 portant Code Electoral;
- ◀ Loi organique n° 2014-020 du 12 septembre 2014 relative aux collectivités territoriales décentralisées ;
- ◀ Loi n° 2001-025 modifiée par la loi n° 2004-021 du 19 août 2004 relative au Tribunal Administratif et au Tribunal Financier.

## II. Juridictions compétentes

- Tribunal Administratif juge en premier et dernier ressort de toutes les requêtes contentieuses relatives aux élections territoriales (dernier recours);
- Conseil d'Etat, juge de cassation en matière de requête en disqualification d'un candidat.

### III. Types de requêtes

- ◀ Réclamations et contestations portant sur la régularité du déroulement de la campagne électorale;
- ◀ Réclamations et contestations portant sur la régularité des opérations de vote;
- ◀ Contestations des résultats du scrutin par un candidat ou son mandataire;
- ◀ Annulation des voix;
- ◀ Disqualification d'un candidat.

### IV. Types de sanctions

- Annulation des voix;
- Annulation du scrutin si sincérité du scrutin atteint;
- Annulation des opérations électorales;
- Disqualification d'un candidat

## V. Personnes habilités à saisir le Tribunal Administratif

- ◀ Électeur régulièrement inscrit et ayant participé au vote;
- ◀ Candidat ou son délégué ou son mandataire (dans la circonscription de sa candidature);
- ◀ Tout observateur national.

## VI. Délais à retenir

- Dépôt de requête : 10 jours francs après clôture du scrutin;
- Dépôt de cassation : 3 jours à compter de la notification. Réponse du Conseil d'Etat : 7 jours à compter de la saisine;
- Délai d'apurement du contentieux électoral : 3 mois à compter de la proclamation officielle des résultats définitifs du scrutin.

## VII. Modèle de requête

Nom et Prénoms du requérant  
Adresse (domicile)

Date

A


Mesdames et Messieurs les  
Conseillers

Du Tribunal Administratif  
(localité selon circonscription)

Objet : Requête en - réclamations et contestations  
du déroulement de la campagne électorale  
ou - réclamations et contestations portant  
sur la régularité des opérations de vote  
ou - contestations des résultats du scrutin  
(par un candidat ou son mandataire)  
ou - annulation des voix  
ou - disqualification

Ny fanehoan-kevitra voarakitra ato amin'ity boky ity dia tsy voatery mifanandrify amin'ny foto-kevitra voizin'ny Friedrich Ebert Stiftung.

# CONTENTIEUX ELECTORAUX DES COMMUNALES



Rahelimanantsoa Rondro Lucette  
*Magistrat*

**FRIEDRICH  
EBERT**   
**STIFTUNG**